



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



*fifanaraham-pitantanana itambarambe mifandraika amin'ny
ny faritra fampiasana-maharitra /
ny faritra fangalana zò nentim-paharazana /
ny faritra iasana anivon'ny faritra arovana morontsiraka sy an-
dranomasina.*



FIFANARAHAM-PITANTANANA ITAMBARAMBE MOMBA NY FARITRA FAMPIASANA-MAHARITRA / NY FARITRA FANGALANA ZÔ NENTIM-PAHARAZANA / NY FARITRA IASANA ENY MORONTSIRAKA sy AN-DRANOMASINA

SAVARANONANDO.

Araka ny didim-pitondrana laharana faha _____, tamin'ny Cliquez ou appuyez ici pour entrer une date. manendry ny mpitantana ny Faritra Arovana morontsiraka sy An-Danomasina _____.

Araka ny fifanarahana famindram-pitantanana mikasika ny Faritra Arovana morontsiraka sy An-dranomasina natao tamin'ny _____, izay nifanaovan'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovain-jafy - andaniny sy ny Tetik'asa _____ - ankilany.

Araka ny fankatoavana nomen'ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana lovain-jafy tamin'ny _____.

Araka ny fankatoavana nomen'ny Fitaleavam-paritry ny Ministeran'ny Jono sy ny Toe-karena Manga tamin'ny _____.

FIFANARAHANA.

Ny Tetik'Asa _____, izay manana ny foibeny ao _____, eo ambany fiadidian' ny Ministeran' ny Tontolo Iainana, sy ny Fandrosoana lovain-jafy, izay soloin'ny Taleny tena, antsoina hoe Mpanotrana,

Andaniny,

Sy

Ny mponina ato amin' ny tanána sy ny Fandrosoana lovain-jafy. , ao amin'ny _____, Fokontany _____, Kaominina _____, Faritra : _____, misy mponina miisa _____, ary soloin' ny Komity Mpitantana tena, antsoina hoe _____

Ankilany,

Tao aorian'ny fizahana natao teny an-toerana sy tao aorian'ny fifanarahana momba ny fampiasana ny ranomasina sy ny morontsiraka dia

DIA MIFANARAKA FA :

TOKO I: FEPETRA ANKAPOBE.

- Andininy 1. Ity fifanarahana ity dia mamaritra ny fomba ho entin'ny mponina sy ny vondron'olona eo an-toerana manatontosa ny asa aman-draharahan'izy ireo ara-teokarena, ara-kolontsiana ary ara-pivavahana; mamaritra ny fomba entin'izy ireo misitraka ny zo nentim-paharazana ataony ary mamaritra ny fombafomba firotsahana an-tsehatra ataon'ireo mponina ireo amin'ny fitantanana ny Faritra arovana. Ity fifanarahana ity dia tsy maintsy manaraka ny didy ama-dalàna velona.
- Andininy 2. Ireo raharaha voatanisa etsy ambony dia tontosaina ao anatin'ny farafetran'ireto sokajim-paritra voatokana ireto
- Faritra fampiasana-maharitra, farafetra. (_____)
 - Faritra fangalana zò nentim-paharazana, farafetra.
 - Faritra iasana, farafetra.
- Ireo sokajim-paritra voatokana (voalaza etsy ambony) ireo dia fizarazarana izay mandrafitra ny faritra manodidina ny faritra anivo.
- Andininy 3. Ity fifanarahana ity dia mihatra vantany vao vita sonia ary manankery ao anatin'ny XX (_____)taona. Azon'ny roa tonta atao ny manitsy sy manavao ny vetin'izao fifanarahana izao.

TOKO II: FEPETRA IKAMBANAN'IREO SOKAJIM-PARITRA

- Andininy 4. Tsy azo afindra amin'olon-kafa ny zo ananan'ireo vondron'olona eny an-toerana anivon'ny sokajim-paritra mifandraika amin'izao fifanaraham-pitantanana itambarabe izao. Ireo taranaka amam-paran'ireo vondron'olona eny an-toeranaizay efa ao amin'ny faritra dia manan-jo amin'ny fampiasana ny sokajim-paritra, raha toa ka mijanona mitoetra ao amin'ny tanàna voatonona etsy ambony izy ireo.
- Andininy 5. Manerana ny sokajim-paritraarahi-maso, dia voarara ny manatanteraka na mitarika ny fahasimban'ny tontolo manodidina.
- Andininy 6. Ireo mponina ao anaty faritra dia manangana "Dina" mifanaraka amin'ny andalana voatonona ato anatin' ity fifanarahana ity.

TOKO III : FEPETRA MANOKANA MIKASIKA IREO SOKAJIM-PARITRA.

FARITRA FAMPIASANA -MAHARITRA

- Andininy 7. Atsoina hoe faritra fampiasana maharitra : ny velarana ahitana loharanon-karena atao fampiasa sy ny velarana ahitana asam-pamokarana izay azo omen-danja fehezina fitsipika manokana ary arahi-maso. Raisina ho toy ny asam-pamokarana azo omen-danja : ny asa fanjonoana ; ny fametrahana tahiry momba ny jono ; ny asa momba ny fiompiana anaty rano.
- Andininy 8. Na inona na inona fisehoan-javatra mety hitranga amin'ny ho avy dia tsy azo ovaina intsony ny faritra fampiasa-maharitra efa voafaritra ara panjakana raha tsy hoe misy antotan-kevitra ara-tsiansa vaovao. Raha tsy mampiasa ny faritra fampiasa maharitra intsony ny olona dia ho foanana ity fifanarahana ity.
- Andininy 9. Voarara tanteraka ny mampiditra olona hiasa ao anatin'ny faritra fampiasana maharitra raha toa ka tsy

isan'ny vondron'olona eo an-toerana ary koa tsy nahazo alàlana avy amin'ny tompon'andraikim-panjana mahefa amin'izany ny asam-pamokarana kasaina atao.

FARITRA FANGALANA ZO NENTIM-PAHARAZANA

- Andininy 10. Antsoina hoe faritra fangalàna zo nentim-paharazana : ny velarana voafaritra ahitana loharanon-karena atao fampiasa na ivelomana amin'ny filàn'ny fiainana andavanandro izay fehezina fitsipika manokana ary arahi-maso. Raisina ho toy ny zo nentim-paharazana : ny asa fanjonoana madinika, ny jono ivelomana.
- Andininy 11. Na inona na inona fisehoan-javatra mety hitranga amin'ny ho avy dia tsy azo ovaina intsony ny faritra fampiasa-maharitra efa voafaritra ara panjakana raha tsy hoe misy antotan-kevitra ara-tsiansa vaovao.
- Andininy 12. Voarara tanteraka ny mampiasa teknika-mpanjonoana moderina. Voafetra ho amin'ny habe ilaina amin'ny fiainana an-davanandro ihany ny vokatry na haza alaina. Voarara ny mivarotra ireo vokatry na haza azo teo anivon'ny faritra fangalàna zò nentim-paharazana na inona no inona endrika isehoany.
- Andininy 13. Ny vondron'olona eo an-toerana ihany no mahazo misitraka ny zo nentim-paharazana amin'ny velarana voafaritra natokana hanaovana izany.

FARITRA IASANA.

- Andininy 14. Antsoina hoe faritra iasana: ny velarana voafaritra natokana ho fametrahana fotodrafitrasa ho an'ny asa aman-draharaha nomen-dàlana izay fehezina fitsipika manokana ary arahi-maso. Tanisaina ho isan'izany ny fotodrafitrasa momba ny fizahan-tany, ny fanabeazana, ny fambolena-kazo ary koa ny fampandehanan-draharaha.
- Andininy 15. Ny vondron'olona eo an-toerana maniry hanangana fotodrafitrasa dia tsy maintsy mahazo alalana mialoha avy amin'ireo sampandraharaha-mpanjakana voakasika.
- Andininy 16. Voarara ary faizin'ny lalàna ny manangana fotodrafitrasa raha toa ka tsy nahafeno izany fepetra izany araka izay voalaza ao amin'ny Andininy 55 andalana faha-8 sy ny Andininy 55 andalana faha-26 ao amin'ny lalàna mifehy ny faritra arovana.

TOKO III: FEPETRA FAMARANANA.

FANAFOANANA NY FIFANARAHAM-PITANTANTANA ITAMBARAMBE.

- Andininy 17. Azo atao ny mampitsahatra izao fifanarahana izao raha toa ka :
- Tsy voahaja ny fepetra voarakitra anatin'ny fifanaraham-pitantanana itambarambe.
 - Tratra ny fe-potoana an'ilay fifanarahana kanefa tsy navozina izao fifanarahana izao.
 - Foana ny famindram-pitantanana nomena an'ilay mpitantana faritra arovana.
 - Rava ilay vondron'olona eny an-toerana.

FANDRAVONANA NY OLANA

- Andininy 18. Ny roa tonta dia tokony mifampiraharaha hatrany amin'izay olana misy eo amin'izy ireo. Azon'ny roa tonta atao ny miantso mpampihavana na mpanelanelana amin'izany. Raha toa ka tsy nahomby ny fifampiraharaha dia mana-jo hitondra ny raharaha eny amin'ny fitsarana ny roa tonta.

Faha _____

Ny Filoha n'ny VOI

Ny Tale Nasionalin'ny Tetik'Asa